Omeo ireo izay rehetra manan-jo fa tokony hahazo ny anjara tsy maintsy atao ny fanomezana azy ny tsirairay, fa ny izay sisa amin'izany kosa dia ho an'ireo havana akaiky indrindra

Tatitra azo avy tamin'i Ibno Abbasi (R.A), Niteny i Mpaminany (S.W.A) manao hoe : "Omeo ireo izay rehetra manan-jo fa tokony hahazo ny anjara tsy maintsy atao ny fanomezana azy ny tsirairay, fa ny izay sisa amin'izany kosa dia ho an'ireo havana akaiky indrindra."

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Ny Mpaminany (saw) dia mandidy ireo tompon'andraikitra amin'ny fizarana ny fananana mba hizara izany amin'ireo mpandova amin'ny fomba ara-drariny sy ara-dalàna, araka ny sitrapon'i Tompo Allah Ilay Avo Tsitoha. Ireo mpandova izay manana anjara raikitra dia omena Azy ny anjarany araka ny voalaza ao amin'ny Boky masina ny Tompo Allah, izay roa ampaha-telony, ampahatelony ampahenin'ny, antsasany, ampahefany ary ampaha-valony. fa izay sisa tavela aorian'izany kosa dia omena ny havana akaiky indrindra an'ilay maty, ary izy ireo dia antsoina hoe Al-an-swabia.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/5887